DEPIOTE TODISOA

# Ravao io governemanta tsy mahomby io

Manoloana ny tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoeli-na amin'ny fitantanana ny ady amin'ny valanaretina coronavirus amin'izao fotoana, naneho hevitra mahakasika izany ny depioten'i Madagasikara avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry. Tsy mahom-by izao fitondram-pan- jakana izao hoy izy, noho izany, tokony ho ravana ny governemanta tarihan' ny Praiministra Ntsay Christian io. Raha ny fanehoan-kevitra avy amin' ny olona maro anefa amin' izao fotoana, tsy ny governemanta ihany no tokony hoesorina, fa ny filoha Andry Rajoelina mihitsy no tokony hametra- pialana, fa izy lohany mihitsy no matsatso, na hoe tsy mamely mihitsy no tena azo ilazana azy.

*Isambilo*



*Ny depiote avy amin'ny antoko TIM, Todisoa Andriamampandry.*

Fitantanam-pirenena

# Kajikajy politika no entin'ny fitondarana Rajoelina animbana firenena

Ny fitondrana Rajoelina dia tsy nitsahatra ny nanao kajikajy politika teo amin'ny rehetra izay nataony hatramin'ny nahateo amin'ny fitondrana azy. Tsy lavina, samy nanao politika avokoa ireo mpitondra nifandimby teo alohany tamin'ny fitantanam-pirenena kanefa nisy fetrany ho azy ireo. Fa ny fitondrana ankehitriny tsy nisy fetrany fa nampiharana politika avokoa ho fiarovan-tseza sy tombontsoa manokana na ho an'ny tenany na ho an'ny antokony ny zavatra rehetra natao teto amin'ny firenena. Niaraha-nahita tsara ireny ny fihetsiky ny filohan'ny Repoblika sy ireo mpiara-dia aminy tamin' ireo asa vao ho kasaina hotanterahina na tamin'ny zavatra vita ka notokanana, ohatra, fa tsy maintsy nolokoina ny lokon'ny antokony avokoa ireny rehetra ireny. Eny, hatramin' izao ady amin'ny valan' aretina izao aza dia mbola nolokoina izany hatrany, ka nahatonga ny mpandinika nilaza fa mbola ao anaty propagandy ihany izy ireo mandraka ankehitriny.
Inona anefa ny vokatr' izany? Ny vokany, tsy fahombiazana amin'ny lafiny samihafa amin'ny fam-pandrosoana ny firenena. Tsy misy iadian-kevitra izany, fa iaraha-mahita toy ny tafika andrefan-tanàna. Tsy mahomby matoa mihanaka ny valan'aretina ankehitriny. Ny antony, kajikajy politika no be dia be rehefa manao asa fa tsy ilay finiavana marina hanasoa ny vahoaka manontolo tsy ankanavaka. Vao hiditra amin'ny fifidianana filoham-pirenena, na nony napetraka teo amin'ny fitondra-na, ary ao anatin'izao fitantanam-pirenena izao dia izay no vaindohan-draharaha, hany ka izao no vokany. Kajikajy politika no nentina nanimbana ny firenena, ary tsy misy afaka handà izay fahavoazan' ny firenena amin'izao fotoana izao izay.
Efa am-bolana maro lasa, hatramin'ny taon-dasa mihitsy no efa nambara teto amin'ity gazety ity, nandaniana ranomainty ho anatra, noho ny fitiavana fatratra ity firenena ity sy fitsinjovana ny vahoaka , fa tsy mety anie, tsy hahasoa ny vahoaka sy ny firenena anie ity kajikajy politika isan'andro vaky ataon' ny fitondrana Rajoelina ity. Zary antso an-tany efitra ihany izany, fa ny ataony ihany no ataony. Ankehitriny, zava-tsy mendrika ny firenena no lasa iainany na dia azo nosorohina tsara aza izany tsy ho tonga. Izao fahavo-azan'ny firenena sy ny manjo ny vahoaka izao dia midika tsotra izao fa tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina. Fahambaniana fiheverana sy tena tsy fahaizana mitondra firenena mihitsy ny mety ho filazana fa tsy afa-miala toy ny firenena maneran-tany ny tamin'ny fihanak'ity valan'aretina ity i Madagasikara. Tsia, azo nosorohina izany, porofon'izay misy firenena tsy nidiran'ity valan'aretina ity, ary i Madagasikara manana otrikarena be dia be niangaran'Andriamanitra tokoa, ka afa-ka manodina ny fihariana misy ao aminy na dia manakatona sisintany tanteraka aza sy tsy nifandray tamin'ny firenenkafa. Mitaky fahendren'ny mpitondra lalina no antoka mam- pandeha izany.

*Sôh'son*

Tsy fandriampahalemana

# Anisan'ny lasibatr'ireo jiolahy ny "batterie"-na fiarakodia

Nanaitra ny saina ny nandre asan-jiolahy teny amin' iny vohitr'Ambohidrapeto, distrikan'Antananarivo Atsimondrano iny vao tsy ela. Fiarakodia roa no lasibatry ny mpangalatra indray alina monja, ka ny "batterie"-na fiarakodia no nangalarin'izy ireo tamin' izany. Toerana samihafa no misy ireo fiarakodia ireo ary samy ao anaty fefy avokoa. Nambaran' ny tompon'ny fiara iray, fa tena nanam-potoana mihitsy ireo mpangalatra naka ilay "batterie"-ny satria niàla novohana avokoa ireo bolao nanidiana azy, fa tsy nalaina tamin-kery fotsiny izao. Io ihany koa no nalain'ireo mpangalatra fa tsy nisy nokitihiny ankoatra izay.
Raha ny fantatra, misy biraon'ny polisy ihany eny an-toerana, toy ny ao amin'ny kaomina Fiombonana, saingy voalaza fa tsy dia hita firy eny intsony, tsy hita miasa firy amin'ny ora fiasana sy fisokafan'ny biraom-panjakana, ireo mpitandro filaminana eny. Izay ve no mahatonga izao halatra eny an-toerana izao sy ny firongatan'ny tsy fandriampahalemana amin'iny faritra iny. Miseho ihany koa anefa izany any amin' ny toeran-kafa. Na izany na tsy izany, mila mailo ireo manana fiarakodia ankehitriny, fa isan'ny lasibatr'izy ireo ny "batterie". Sarihina ihany koa ny sain'ireo mpitandro filaminana amin'izao toe-draharaha izao.

*Radafy*

Antenimierampirenena

# Depiote avy amin'ny IRD nahiana ho lavon'ny coronavirus

Antenimieram-pirenena: nodimandry ny depiote avy amin'ny IRD, Rakotomalala Lucien, depiote voafidy tany amin'ny distrikan'i Morombe, faritra Atsimo Andrefana. Nanana areti-mitaiza sohika ity parlemantera ity. Araka ny vaovao voaray dia namoy ny ainy izy noho ny valanaretina coronavirus. Tao amin'ny Hopitaly Miaramila Soavinandriana no nitsaboana azy.



*Ny depiote voafidy tany Morombe, Rakotomalala Lucien.*

Talohan'ny nifaranan'ny fotoam-pivoriana ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izy no efa tsy salama, ary tsy tonga niatrika fivoriana intsony. Nahafantarana azy ny fandrosoana tolo-pehin-kevitra laharana faha 03/2020/PR miompana amin'ny fananganana ny "Commission d'enquête parlementaire", mikasika ny asan-dahalo any amin'ny Distrika Morombe, mba tsy hisian'ny tsimatimanota sy ho fanafoanana ny kolikoly. Nolanian'ireo Solombavambahoaka nandritra ny fivoriana ny 29 jona 2020 izany. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakaviana.

*Stefa*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana Rajoelina

# Tokony hiaiky ny fahadisoany amin'ny vahoaka

Resaka poak'aty, fampandriana adrisa, ronono antavy, izay teny azo ilazana mifandraika amin'izany ny amin'ny filazana fa lamasinina haingam-pandeha ny fitondrana Rajoeliana sy ny forongony, raha ny zava-misy eo amin'ny fitantanam-pirenena tato anatin'ny 19 volana izao. Vao mainka aza tena an-dakiran'izany raha tato anatin'ny volana efa-bolana nampidirana ny firenena hiaina ny valan'aretina covid-19. Miharihary toy ny vay an-kandrina izany, raha ny zava-misy fantatra hatrany am-piandohana mandraka ankehitriny eo amin'ny fiainan'ireo mpiasan'ny fahasalamana miatrika ny ady amin'ity valan' aretina ity; ny fiaimpianan'ny vahoaka amin'ny ankapobeny indrindra amin'izao fotoana izao, ny olana amin'ny fahasahiranana ara-tsosialy sy ny fahantrana lalina manjo azy; ny seha-pampianarana izay tsy hita marina izay handaminana azy mba hampitony ny rehetra mpisehatra ao anatiny; ny seha-piharian'ny daholobe izay lasa mifampihinana sisa no fahitana azy ary tsy ahitam-panàfany mazava sy hentitra avy amin'ny fitondrana.
Niaraha-nahalala fa nisy ny fepetra noraisin'ny fitondrana nentiny hamahana ny olana rehetra izay nambarany fa efa nivononany hatrany am-piandohana. Niaraha-nahita tsara koa anefa fa ny fiantraikan' izany teo amin'ny fiainam-bahoaka. " homamiadana no mitranga kanefa fanafody parasetamôla no omena ny marary", toy izany no kisary hita tato anatin' izao fiatrehana ny hamehana ara-pahasalamana eto amin'ny firenena izao. Olan'iza ankehitriny no voavaha tao anatin'ireo vahaolana ara-tsosialy natolotry ny fitondrana? Tsy misy, fa mbola sahirana avokoa ihany ireo nidedahana fa nahazo fanampiana. Ireo aza toy izany koa mainka fa ireo vahoaka aman-tapitrisany, sokajin'olona maro samihafa, notazanimpotsiny tsy nahazo n'inona n'inona. Eo am-panatanterahana indray koa ilay fanampiana izay isehosehoana hatrany dia mampiteny ny moana ny fahataran'ny fotoana higadonany sy ny fomba fizarana azy. Tsy milamina, hoy ny fitenenana, ny fandehan' ny raharaha ary manamarina izay ny tenin'ireo raiamandreny samihafa eto amin'ny firenena tato ho ato. Mihisatra ny famahana olana eto amin'ny firenena ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao. Indraindray aza mikatso mihitsy raha jerena ireo teny fanomezan-toky amin'ny zavatra samihafa fa hotanterahana teny anivon'ny fokontany. Toy ny "tari-drano an-kilahila ka ny very no betsaka" ny mitranga amin'ny fitantanam-pirenena tato anatin'ny efa-bolana. Manahiran-tsaina ny mandre na mahita fa toy ny tsy misy mpiahy intsony ny vahoaka ao anaty olana atrehiny amin'izao fotoana izao. Ary ho an'ny mpamakafaka aza dia mampanahy tokoa, fa mbola hosarotra ny lalan-kodiaviny raha tsy manova famindra tanteraka ny fitondrana. Tsy miziriziry mihirim-belona toy ny nataony hatramin'izay, fa ho vitany irery izao ady atrehina izao. Lalan-diso tanteraka izany ary izao iaraha-mahita izao ny vokany fa "torotoro" ny vahoaka. Tokony hiaiky izay fahadisoany izay amin'ny vahoaka ny fitondrana. Ny heloka hibabohana tokoa mody rariny hoy ny fitenenana izay. Toa tsy hanaiky ho diso mihitsy anefa Rajoelina sy ny forongony raha ny fahiatan azy izao, nefa efa hita fa tsy tafa intsony, araka ny tenin-jatovo ankehitriny.

*Sôh'son*

## Taratasin'ny mpamaky

Efa maro izay nambara teto izay. Manomboka mimenomenona ny vahoaka malagasy noho ny firongatry ny aretina CORONAVIRUS ity, izay lazaina fa voafehy. Hafatra hampintaina ho an'ity Fitondrana ity dia ajanony ny fisamborana ny olona maneho ny heviny momba ny fisehon'ny valan'aretina CORONAVIRUS ity raha tsy te hahita loza. Efa tsy voafehy intsony ny aretina, mitaraina ny mpitsabo fa tsy ampy ny fitaovana sy fiarovana azy ireo, nisy ny efa maty, mitombo ny isan'ny efa mitondra ilay tsimok'aretina ary nisy ireo tsy avela hiteny marina fa matahotra ny ho samborina sy gadraina. Na inona ataonareo miezaka manafina ny marina dia tsy maintsy hipoitra eto hatrany ny fahamarinana. Tsy ny fanagadrana sy ny fisamborana akory no hitondra vahaolana, fa ny fahamatorana sy ny fahaizana mitantana ireo vola anaovana fanampiana sy ny fitaovana ampiasaina. Koa ny hafatra manaraka tiana hampitaina manaraka dia ampiasao amin'ny tokony ho izy ny vola fanampiana fa aza ahodinkodina. Mbola ho avy ny fanontaniana atao aminareo amin'ny fomba nampiasaina io vola fanampiana io. Koa manentana antsika vahoaka mba samy hitandrina @ fiparitan'ny valan'aretina CORONAVIRUS ity hatrany.

*Ravo Rakotomalala*
*Andranonahoatra Itaosy*
*Antananarivo Atsimondrano*